# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Oktobra 2018

**30** **Talata**
oktobra

**Isika ... nampihavanina tamin'Andriamanitra, tamin'ny nahafatesan'ny Zanany.** Romana 5. 10

***(Hoy Jesosy :)*** **Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.** Matio 11. 28

### Any ambadiky ny fasana

Any amin'ny firenena sasany, ny 1 novambra dia andro tsy fiasana, ary maro ny olona zatra mankany amin'ny fasana, mba hahatsiaro ireo havany na namany efa maty. Hisy fahatsiarovana maro mampangirifiry, amin'io andro io. Nefa iza no ho afaka mizara aminao ny tsiambaratelon'ny alahelonao ? Reraka sy kivy angamba ianao, ka tsy mitady fampiononana avy amin'ny olombelona intsony. Tsy mitondra zavatra firy ho anao intsony ireo teny lazaina.

Vonton'alahelo Jesosy, teo alohan'ny fasan'i Lazarosy, noho ny fahorian'ireto anabaviny (Jaona 11. 33-35). Nitomany Izy noho ny fahoriana ateraky ny fahafatesana, izay vokatry ny ota : „Fa fahafatesana no tambin'ny ota" (Romana 6. 23). Ianao izay mitomany eo amin'ny fasan' olo-malala, saintsaino ny fasan'i Jesosy, fa foana izany. Jesosy, Izay maty noho ireo fahotantsika, dia nitsangana tamin'ny maty ary velona mandrakizay. Mandraka ankehitriny Izy, toy ny fony Izy tetỳ an-tany, dia te hiara-mizaka aminao ny fahorianao sy hamafa ny ranomasonao.

Fantatrao fa marefo ny fahasambarana, eto amin'ity tany tsy misy zavatra maharitra ity... Mety hifarana tampoka ny fiainantsika tsirairay. Ho an'izay mino ny Tompo Jesosy, maty sy nitsangana tamin'ny maty, ny fahafatesana dia varavaran'ny lanitra. Ankehitriny Andriamanitra dia manolotra maimaimpoana ny fiainana mandrakizay ho an'izay mino ny Zanak'Andriamanitra. Manatòna Azy ! Efa ho roa arivo taona izao no antsoiny hanatona Azy ireo mavesatra entana sy tsy manana fanantenana. Jesosy ve tsy efa nilaza tamin'ilay jiolahy nibebaka, izay nohomboana teo anilany teo amin'ny hazofijaliana, hoe : „Anio no hihaonanao amiko any Paradisa" (Lioka 23. 43) ?